



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavana · Tanindrazana · Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-97

FANOLORANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALANA
LAHARANA FAHA-016/2020 TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2020
MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA,
TAONA 2021, NATAON'ANDRIAMATOAMINISITRY NY TOEKARENA SY NY VOLA

Fivoriana faha-11
Natao ny
Zoma 20 Novambra 2020
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré
- RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Zoma 20 Novambra 2020 tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fanolorana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021, nataon'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy,
Mitohy ny fivoriantika.

Manolotra ny arahaba ho antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao. Arahabaina ihany koa Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola ary ny teknisiana miara-dia aminy.

Alohan'ny hirosoana amin'ny votoatin-draharaha, iangaviana ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

- 2 -

- Fiantsoana anarana -

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

Misaotra, Ramatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Angatahana ampanajana samy hanonona ny anarany ny Solombavambahoaka mba ahafahana manamarika ny fahatongavana.

AFAKANDRO Alphonse

.....
.....
.....

ZAFINANDRO Perle Bien Aimée

Vita, Ramatoa Filoha.

Ramatoa FILOHA

Misaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra nanao ny fiantsoana anarana teo.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ny fandaharam-potoanantsika izao marainan'ny Zoma 20 Novambra 2020 izao dia fivoriambe fanolorana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana, taona 2021, ataon'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola.

Izany fanolorana amin'ny ankapobeny izany dia natao hanampy antsika Solombavambahoaka amin'ny famakiana sy ny fahazoana ny foto-kevi-dehibe nentina nandrafitra ny volavolan-dalàna mifehy izao tetibola izao.

Tsy mbola hiditra amin'ny adihevitra antsihiriany isika fa hihaino an'Andriamatoa Minisitry hanazava satria mbola handalo asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Minisitry, hanoloranao ny volavolan-dalàna, Tompoko.

- 3 -

**- Fanolorana ny volavolan-dalàna laharana faha-016/2020
nataon'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola -**

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Vola

Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;
Isika Solombavambahoaka manatrika izao fivoriana izao;
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Voninahitra lehibe tokoa no anatrehanay anareo amin'izao maraina izao, hahafahantsika mahafantatra amin'ny ambangovangony ny votoatin'ny lalàna izay hifehy ny Tetibolampanjakana amin'ny taona 2021 iny.

Heverina fa samy miara-mahalala ny vanim-potoana misy ankehitriny isika rehetra eo anatrehan'ny ady atao amin'ny valan'aretina "Covid-19". Hatramin'ny volana Martsa 2020 ka hatramin'izao, fantatra fa namaivay ny fiantraikan'izany, eran'izao tontolo izao, indrindra taty Afrika sy teto amintsika.

Tsy nikely soroka ny Filohampirenena sy ny Governemanta tarihin'ny Praiminisitra ary ny Minisitry rehetra, fa nitady vahaolana niadiana tamin'izany valan'aretina izany.

Misaotra ny Solombavambahoaka noho ny faharetana sy ny fiarahana nialahy tamin'ny ady natao tamin'ny valan'aretina "Covid-19". Fantatra fa sahirana ny vahoaka tany amin'ny Distrika rehetra tany satria nizaka ny vesatry ny fihibohana, ny tsy fisian'ny asa, ny fivezivezena tamin'ny resaka varotra ary ny fiharian-karena tamin'ny ankapobeny. Hatramin'ny volana Martsa 2020 ka hatramin'izao isika, samy nanao ny ezaka tandrify antsika daholo. Misaotra fa raha tsy nanao an'izany ianareo dia tsy ho tratra ny ezaka

nokasain'ny Filohampirenena mba tsy hisian'ny fiparitahan'ny valan'aretina be loatra teto amintsika. Ankehitriny, tsapa fa efa tonitony ny fiparitahan'izany valan'aretina izany, tsy mitovy amin'ny any Amerika, Eoropa ary Azia. Azo lazaina fa nahomby ny ezaka nataontsika tamin'ny ampahany. Misy ezaka tsy maintsy tohizana ary amin'ny taona ho avy io dia mahalala isika, fa tsy ho mora ny asa miandry.

Ny fitondram-panjakana Malagasy dia nametraka ho fanamby lehibe nanomboka tamin'ny taona 2019, mikasika ny fanarenana sy fanatsarana izay tokony hatao rehetra mba tsy hisian'ny fahatarana izay niainantsika teo amin'ny lafiny fampandrosoana nandritra ny ampolon-taonany maro. Nampiharina ihany koa ireo velirano rehetra napetraky ny Filohampirenena, mba ho firenena misandratra i Madagasikara.

Efa maro ny asa natomboka tamin'ny alalan'ny fampiasam-bolam-panjakana tamin'ireo fotodrafitrasa fampandrosoana, indrindra ireo fotodrafitrasa fototra. Fantatsika fa misy amin'izy ireo no natomboka avy hatrany ary efa notokanana ny ankamaroany.

Hamafisiko eto, fa amin'ny taona ho avy, vinavinaina ny hisian'ny fitombon'ny harin-karena; tsy eto Madagasikara ihany, fa eto Afrika sy maneran-tany mihitsy. Izany hoe, haverina amin'ny laoniny ny fitombon'ny harin-karena. Araky ny hitantsika eto, tamin'ity taona ity dia -3% ny fitombon'ny harin-karena manerana an'izao tontolo izao. Ny eto Madagasikara, rehefa natao ny kajikajy, heverina fa ho -3,8% ny "taux de croissance" na ny fitombon'ny harin-karena.

Raha nihaona teto isika tamin'ny volana Jona, Jolay ary Aogositra teo, niresaka ny "Loi de Finances Rectificative", fantatra fa na teo aza ny fisian'ny fahasahiranana, mbola 0,8% no noeritreretina ho fitombon'ny harin-karena. Raha tamin'ny voalohan'ny taona, tadidintsika tsara, fa avo ny kajikajy noheverina fa tokony hotratrarina talohan'ny valan'aretina "Covid-19". Ankehitriny, manerana an'izao tontolo izao dia ho latsaky ny aotra, "-3% en moyenne" ny fitombon'ny harin-karena faobe. Amin'ny herin-taona kosa, heverina fa hitombo izany harin-karena izany. Iverenana rehefa avy eo ny mahatonga ny fitombon'izany harin-karena izany ho 5,9% any ho any; manerana an'izao tontolo izao io.

Raha atỳ Afrika, heverina fa hitombo koa ny harin-karena faobe.

Hitantsika eo amin'io sary io, fa raha tamin'ny taona 2018, nisy firenena noheverina fa nahavita bebe kokoa noho izay vitan'ny firenena hafa. Anisan'izany i "Ethiopie, Tanzanie" sy ireo firenena vitsivitsy any Afrika andrefana.

Raha amin'ny herin-taona no resahana, hisy firenena hiroborobo ara-toekarena tokoa. Ao anatin'izany "Bénin, Tanzanie, Ghana, Ethiopie, Côte d'Ivoire, Rwanda".

Ny fitombon'ny harin-karena faobe atỳ Afrika, noheverina fa nahatratra 3,4% izany tamin'ny taona 2019 ary heverina fa hahatratra 4,1% amin'ny taona 2021.

Raha eto Madagasikara no resahana, nanaovana ny "cadrage" nahafahana nanao an'ity Tetibola ity, araka ny hita eto, hitombo ihany ny harin-karena faobe. amin'ny herin-taona, 58 286 Miliara Ariary no heverina ho fitombon'ny harin-karena faobe.

Hitantsika eo ny tamin'ity taona ity sy ny tamin'ny taona lasa.

Hitantsika amin'io tabilao io, fa miezaka isika ny hahatratra ny fitombon'ny harin-karena ho 4,5%. Vinavina ihany izany, fa mety ho latsak'io ary mety hihoatra an'io ihany koa.

Mbola iverenantsika ny antony mety hahafahantsika mihoatra an'izany na hahatratra an'izany 4,5% izany.

Tsy hotanisaina angamba ireo tarehimarika ireo, fa havela aminareo ity “présentation” ity ahafahanareo manadihady, indrindra eo anivon'ny Vaomiera misahana ny Tetibola sy ny Toekarena.

Misy kajikajy ara-teknika sy ara-matematika azontsika hifampiresahana ihany kanefa tsy eto angamba no ifampiresahana izay satria resaka akademika be izy ity. Hitako any amin'ny gazety samihafa any hoe: ahoana no ahafahantsika avy any amin'ny -3,8% hiakatra any amin'ny 4.5%.

Eny, resaka kajikajy matematika fotsiny io. Misy “formule” homeko anareo eo ary mbola azontsika iverenana raha izay no fanirianareo any aoriana kely any.

Azo atao tsara ny mieritreritra hoe: rehefa hatao ny ezaka heverina fa tokony hatao, tsy eto Madagasikara ihany, fa any Afrika sy manerana an'izao tontolo izao araka ny naseho teo, “mathématiquement”, tsy misy olana mihitsy ny hahatratrarantsika an'izany fitombon'ny harin-karena mihoatra an'izany 4% izany.

Mamelà ahy mba hiditra kely amin'ny antsipirian'ireo heverina fa ho fidiram-bolan'ny fanjakana, ao anatin'ny fandaminana amin'ny hahatratrarana ny fitombon'izay harin-karena faobe izay satria mifanandrify amin'ny fahafahan'ireo orinasa mampiasa ny volany hampitombo izany harin-karena faobe izany.

Raha ny lafiny “recettes fiscales”: raha amin'ny lafiny ara-tantara, hatramin'ny taona 2012 no mankaty, tsy dia nihetsika firy ny “taux de pression fiscale”. Io no tondro manamarika ahafahana manaraka ny fidiran'ny vola ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana.

Amin'ity taona 2020 ity, indrisy fa ny “taux de pression fiscale” hotratrantsika dia 8,8%. Tsy izay no tanjona napetratsika tamin'ny voalohan'ny taona, raha tadidinareo tamintsika nandany ny Tetibola tamin'ny herin-taona iny. Efa nieritreritra isika, fa tokony hihoatra ny 10,9%. Eny, tokony hiakatra any amin'ny 11% aza ny “taux de pression fiscale” tamin'izay fotoana izay, raha ohatra tsy nisy an'ity “Covid-19” ity.

Indrisy ankehitriny, sahirana ny orinasa; sahirana ihany koa ny fampidirana ny hetra. Samy sahirana daholo isika rehetra, ka tsy maintsy maka fepetra maro samihafa ny Governemanta mba tsy hitakiana izay tokony hotakiana teo amin'ny lafiny fandoavan-ketra. Nisy ny fepetra noraisina tamin'ireny fotoana namaivay ireny niatrehana ny ady tamin'ny “Covid-19”, 8,8% no tratratsika. Amin'ny herin-taona kosa, raha miara-misalahy isika, ka tsy hiverina hisy “2^{ème} confinement” indray eto Madagasikara, toy ny misy any Amerika sy any Eoropa, mety hiverina soa aman-tsara amin'ny tanjona napetraka hoe: ho tratra ny “taux de pression fiscale 10,9%”.

“Projection” hatramin'ny taona 2023 izy ity, hitombo isan-taona izany, ka ho 12,5% amin'ny taona 2022 ary ho 14% kosa amin'ny taona 2023.

Mety hisy hilaza hoe: ahoana no hahatratrarana izany rehetra izany. Tsara ny mifamarafara sy ny mifampilaza fa raha tsy isika rehetra izao no miara-mientana sy mifampitaiza hilaza amin'ny mpiray tanindrazana amintsika sy ireo orinasa rehetra, amin'ny ezaka tokony hatao

hahatrarana izany tanjona izany; marina fa mety tsy ho tratra izany. Ho hitantsika rehefa avy eo, fa hisy ezaka manokana hatao eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Vola, mba hahafahana manohy ny fahatrarana ny "taux de pression fiscale" ho avoavo izay.

Maneran-tany, azo lazaina fa samihafa ny "taux de pression fiscale". Atỳ Afrika, "en moyenne", eo amin'ny 15% amin'izao fotoana izao ny tahan'izany tataon-ketra izany. Eto Madagasikara, mbola misy ezaka manokana tsy maintsy atao ary mbola maro amin'izao fotoana izao no mangataka "exonération", mangataka «avantages fiscaux» samihafa. Tsy maintsy jerena akaiky izany rehetra izany satria maro ny asa hatrehintsika hahavitana ny ezaka tokony hatao ho fampandrosoana ny firenentsika.

Toy izao no fisehon'ny hetra, resaka "impôt" no horesahantsika eto.

Ny ampahany amin'ireo hetra, misy ny TVA, misy ny "droit d'accise", misy ny "impôt" samihafa, ny IRSA, ny IS, sy ny sisa. Tsy hidirana lalina satria hozaraiko aminareo, ahafahanareo any anivon'ny Vaomiera sy ny mpiara-miasa nanomana izao "présentation" izao, afaka manome ny antsipiriany mikasika izany izy ireo.

Hatreto aloha, mbola ny TVA no mampidi-bola bebe kokoa noho ny hetra hafa izay efa mahazatra antsika. Marihana fa tsy misy hetra vaovao nampidirin'ny fitondram-panjakana amin'ity taona ity sy amin'ny taona ho avy. Zava-dehibe izay. Tsy misy ihany koa fampitomboana, fa fandaminana samihafa no natao. Miangavy anareo mpiara-miasa aho, mba hozaraina ireo fepetra noraisintsika ary hampiharina amin'ny taona ho avy io. Hozaraina amintsika izany, mba ahafahantsika mijery hoe: inona avy ireo fepetra mifanandrify amin'ny lafiny hetra sy ny fepetra noraisina momba ny fandanim-bolam-panjakana.

Ity kisarisary ity dia mampiseho ny fandaminana izay horesahanareo any amin'ny Vaomieran'ny Vola, hohitantsika ao fa misy "déficit" tsy maintsy atrehintsika. Voatery ho mafimafy ihany izany "déficit" izany raha amin'ny herin-taona no resahana. Mety hahatratra 5% mihoatra ny "déficit" amin'ny herin-taona. Raha oharina amin'ny "déficit budgétaire" any amin'ny firenena hafa, mbola zakan'ny firenentsika tsara izany "déficit" mihoatra ny 5% izany. Aza hadinoina fa misy firenena sasany, efa mahatratra 45% na 50% ny "déficit budgétaire" any aminy. Marina fa firenena matanjaka, manana ny ho enti-manana izy ireo. Izany "Japon" izany, betsaka ny "déficit" any aminy; ny an'i Frantsa izao, efa any amin'ny 35% any ho any izany, raha amin'ity taona ity no resahana. Eto Madagasikara, heverina fa hitsinjo izay tsy hihoarana ny fefy isika, hijery koa izay zakan'ny fandaminana eo amin'ny fandaniana ny volam-panjakana.

Efa mandeha ny fifampiraharaha miaraka amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena na ny FMI amin'izao fotoana izao, mba hitsinjovana hoe: ahoana no hamatsiana ara-bola izay "déficit" izay.

Efa manomboka ny "négociation" samihafa, mba ahazoantsika fanampiana amin'ny "balance de paiement" satria izay no iarahantsika amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena. Amin'ny herin-taona, volana Martsa na volana Aprily farafahaelany dia ho vita soa aman-tsara ny fahazoana ny fahatokisan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena ary hisy ny programan'asa iarahana amin'izy ireo mba ahafahantsika mahazo fanampiana amin'ny "balance de paiement". Heverina fa tokony hisy "Facilité Elargie de Crédit" izay ahafahana mamita ny telo taona ho avy.

Marihiko, fa raha tamin'ity taona ity no resahana, ny "Facilité de Crédit Rapide" no niasantsika. Izay no vola azontsika nampiasaina nandritra ity taona ity. Voninahitr'ity firenena ity, voninahitr'i Madagasikara. Voninahitsika Malagasy ny nahazoana indroa miatoana izany "Facilité de Crédit Rapide" izany. Midika izany fa misy ny fahatokisan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena amin'ny fitantanana ny volam-panjakana. Indroa miantaona isika no nahazo an'izany, tsy nisy fepetra.

Amin'ny herin-taona, rehefa hametraka izany programan'asa izany isika ary heverina ny hahazoana fanampiana avy amin'ny "Facilité de Crédit Rapide", zavatra hafa indray no hitranga satria tsy maintsy misy "conditionnalité" miaraka amin'izany "facilité" vaovao izany. Tsy mitovy ny «Facilité de Crédit Rapide» sy ny «Facilité Elargie de Crédit»; samihafa izany. Misy "conditions" miaraka amin'izany ary tsy maintsy aroso eto anivon'ny Antenimierampirenena ihany koa ny fandaminana mikasika izany programan'asa vaovao izany.

Ny tsara ho marihana, hatreto aloha dia milamina ny fifanarahana samihafa miaraka amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena. Mahazo matoky isika, fa izay "déficit" noresahantsika izay tsy dia hiteraka olana be loatra akory.

Hita amin'io taratasy nozaraina taminareo io, fa hisy ezaka manokana hatao amin'ny herin-taona. Ao anatin'izay ny varim-bazaha, ny katsaka, ny "consommables médicaux" samihafa izay tsy hasiana TVA intsony. Efa ezaka goavana be izany.

Eo amin'ny fadintseranana, ny "provende de soja" dia hotazonina 5% ny haban'ny fadintseranana, ny "gaz" dia nahena ho 5% ny TVA; ny "droit de succession", tsy misy intsony. Izany hoe, raha 5% izany tamin'ny herin-taona, amin'izao fotoana izao tsy misy intsony. Ny "droit d'accise" eo amin'ny "télécommunication" dia haverina ho 8% amin'ny herin-taona. Ezaka goavana be koa izany. Heverina fa ny TVA ho azo amin'izany ezaka atao eo anivon'ny "télécommunication" izany dia hifanahantsahana ary hameno ny banga amin'ny fampidinana ny 10% mankany amin'ny 8% amin'ny "droit d'accise"-n'ny "télécommunication" izay.

Mikasika ny "recettes" momba ny antsoina teo aloha hoe "comptes de commerce". Entina hamatsiana ara-bola ny "fonds souverain" izay efa napetraka ho veliranon'Andriamatoa Filohampirenena. Efa any anatin'ny programan'asa ny Governemanta ny fandaminana ny "fonds souverain". Ny vola rehetra ao anatin'io "comptes de commerce" dia halefa any amin'ny "fonds souverain" mba hahafahantsika miatrika ny fampiasam-bola samihafa.

Ny TMP (Taxes sur les Marchés Publics) dia hampiharina amin'ireo «sous-traitants de premier niveau». Izany hoe, ireo mpiara-miasa nahazo ny tsenam-baro-panjakana, izay «sous-traitants» miaraka aminy ka ny voalohany amin'izy ireo dia mety hisy hotataovana TMP ihany koa.

Misy «exonération» hatao koa amin'ny resaka tsenan'ny volamena. Fantatra fa nisy fandaminana nataon'ny Banky Foiben'i Madagasikara ary efa nivoaka gazety izany. Efa misy fandaminana vaovao ahafahana mampiroborobo ny tsenan'ny volamena eto Madagasikara. Ezaka goavana napetraky ny fitondram-panjakana, napetratsika Malagasy, napetraky ny Governemanta izany. Ny Banky Foiben'i Madagasikara no tena mikarakara azy io satria izy no

mijery akaiky ny lafiny vola. Ny vola «monnaie» no tiana holazaina eto. Efa miroso ny fandaminana mikasika ny tsy hisian'ny TVA rehefa misy ny fivarotana volamena any amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara sy ireo nahazo "agrément" ahafahana manao izay fivarotana volamena izay.

Mikasika ny IRSA, nisy fandaminana ihany koa. Raha teo aloha izany dia 0% sy 20%. Ankehitriny, heverina fa rariny sy hitsiny raha toa misy fandaminana vaovao ahafahana mijery ireo ambaratongan'ny karama raisin'ny Malagasy. Tsy misoratra eto izany, fa any anatin'ny taratasy any ny pitsopitsony. Misy "categories" dimy heverina fa hampitonitony ny fitakiana izany IRSA izany amin'ireo mpiasa rehetra ireo.

Ny "sécurisation" eo anivon'ny seranam-piaramanidina Ivato dia hisy fandaminana vaovao hapetraka, satria amin'izao fotoana izao, be loatra ny fanondranana vola, ny volamena sy ny hafa. Tsapa fa manahirana tokoa ny fanaraha-maso ny vola mivoaka avy ao Ivato sy any amin'ny seranam-piaramanidina hafa eto Madagasikara.

Mikasika ny "acompte provisionnel", hotazonina ny "dispositions" efa napetraka tamin'ny «Loi de Finances Rectificative» ankoatry ny fizahantany.

Tsy hiditra amin'ny antsipiriany aho, fa any amin'ny asam-baomiera angamba azontsika jerena akaiky ny mikasika an'ireto pitsopitsony amin'ny "recettes fiscales" ireto.

Mikasika ny fadintseranana: hisy fandaminana vaovao ihany koa tsy maintsy apetrantsika amin'ny fitantanana ny tetibola. Ny fepetra horaisin'ny fadintseranana dia mety hampitombo ny vola azo avy amin'ny fidiran'ny entana eo anivon'ny fadintseranana, toy ny eny Ivato, any Toamasina, any amin'ny faritra rehetra izay misy fanditseranana.

Ezaka manokana no hataontsika amin'izany, ka hisy fandaminana izay hohazavain'ny Tale Jeneralin'ny Fadintseranana any amin'ny asam-baomiera.

Araka io hitantsika io, hitombo any amin'ny 2 869 Miliara Ariary no heverina fa hotratrarina amin'ny taona ho avy. Amin'ity taona ity kosa 2 421,6 Miliara Ariary izany. Hitantsika eo fa hitombo miandalana ny fidiram-bola eo anivon'ny fadintseranana.

Marihiko ihany fa vinavina izany rehetra izany (prévision). Raha amin'ny herin-taona no horesahana, fantatra fa betsaka ny "incertitude", mikasika ny zavatra mety hitranga amin'ny ady atao amin'ity "Covid-19" ity. Haka ohatra iray aho: mikasika ny vakisiny mety haparitaka manerana an'izao tontolo izao atsy ho atsy. Raha ny heno farany, mialohan'ny farany taona no hisy an'izany.

Mety hisy vakisiny ahafahana mampihena ny isan'ireo olona tratran'ny valan'aretina "Covid-19". Amin'ny herin-taona, ny Governemanta dia mihevitra ny hividy vakisiny mba ahafahana mitsinjo ny fahasalaman'ireo mpiara-belona amintsika. Ny "incertitude" mety hitranga dia hoe: hanatsara ny fiainam-pirenena, hanatsara ny toekarena ankapobeny, hanatsara ny lafiny ara-pahasalamana sy ara-tsosialy ve ny fisian'izay vakisiny izay. Hampiova tanteraka ny fivezivezena amin'ny ankapobeny ve; ny fivezivezen'ny olona, ny entana satria hatreto aloha, mikatona ny sisintanin'i Madagasikara. Amin'ny herin-taona kosa, heverina fa ho afaka hisokatra izany. Hiverina miandalana ny fivezivezen'ny olona kanefa mety tsy hiverina

amin'ny laoniny ny lafiny fizahantany. Mbola misy baraingo be izany ary tsy fantatra, fa izay ny "incertitude" noresahana teo. Raha jerena anefa ny zava-misy manerana an'izao tontolo izao; izay no nahatonga ny resaka vakisiny teo. Raha ohatra manao ezaka manokana isika mba hahazoana vakisiny mifanandrify amin'ny ilaintsika eto Madagasikara, mety hiverina tsikelikely ny firoboroboan'ny toekarentsika.

Fantatsika koa fa hatreto, mbola mihatra aloha ny "plan multisectoriel d'urgence", amin'ny herin-taona no tsy fantatra. Miverina amin'ny resaka "incertitude" teo ihany aho. Raha ohatra mbola misy ny fahasahiranana ara-pahasalamana ka voatery maka fepetra mitovitovy amin'ny noraisina tamin'ity taona ity isika, tsy fantatro na voatery hiverina ve, hanamafy ny "plan multisectoriel d'urgence" indray isika. Ny faniriana dia ho tapitra amin'ity taona ity ny fandaminana natao tamin'ny "plan multisectoriel d'urgence" ary hitohy hihatsara hatrany ny fampiasana ny volam-panjakana. Ao anatin'izany ny fanampiana azontsika na tamin'ireo mpiara-miombon'antoka "bilatéraux" izany na tamin'ny "multilatéraux" satria betsaka aminareo no mahafantatra, fa tamin'ity taona ity, noho ny fahatokisan'izy ireo ny fitantanana ny raharaham-panjakana dia nahazo "appui budgétaire" marobe isika. Nahazo "aide budgétaire" koa isika, nahazo "aide projet" marobe nahafahantsika niatrika ny fandaminana amin'ny ady atao amin'ny "Covid-19", tamin'ny alalan'ny "plan multisectoriel d'urgence" noresahana teo.

Ity Tetibola, taona 2021 izay aroso angatahana ny fankatoavanareo eto amin'ny Antenimierampirenena ity dia hibanjina manokana ny fametrahana ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny tetibolam-panjakana.

Fantatreo fa ao amin'ny «site»-n'ny Minisitara amin'izao fotoana izao dia efa azo jerena ao ireo lalam-bola ampiasantsika ankehitriny mba ahafahan'ny besinimaro mijery ny resaka efa nataon'ny fitondram-panjakana. Lalana tsy azo ihodivirantsika eo amin'ny tamberin'andraikitra ho an'ny Governemanta sy ho an'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola izay nanolotra fanampiana ny tetibola nandritra ny taona 2020 izany. Heverina fa hitohy izany fandaminana izany amin'ny taona ho avy.

Ny Tetibolam-panjakana taona 2021 dia mirakitra ireo fanavaozana goavana ao anatin'ny fanamafisana ny anjara andraikitra napetraka teo anivon'ny Faritra, ny Governora izay manana andraikitra manokana araka ny efa fantatra amin'ny fampiasana vola natokana sy hotantanin'izy ireo mivantana. Ao koa ny fampitomboana ny fitaovana hoentina miasa homena ny Distrika sy ny Kaominina amin'ny alalan'ny CIAD na ny "Crédit d'Investissement pour l'Appui au Développement" izay solon'ny CLD teo aloha. Araka ny hitanareo tamin'ny taratasy nozaraina iny, nisy fitomboana ny vola natokana ho an'ny CIAD.

Heverina fa mendrika ny fandaminana efa napetratsika izany. Any amin'ny asam-baomiera angamba ianareo mijery ny antsipiriany hoe: ahoana no fandaminana napetraky ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'io CIAD io. Ny Kaominina sy ny Distrika dia efa manana ny anjara masoandrony amin'ny lafiny ara-bola.

Izany no fandaminana napetraky ny Filohampirenena. Mendrika hoderaina izany ezaka manokana napetrany izany.

Ny fanomezana andraikitra mivantana ny Vondrom-bahoakam-paritra eny ifotony tokoa no ahafahana miantoka ny fahazoana an-tsaina ny mahazava-dehibe ny fandaharanasa

fampandrosoana, ny fametrahana ireo fotodrafitrasa ifotony ireo. Ankoatr'izany, ao anatin'ny finjavana hampirindra ireo tetikasam-panjakana amin'ny tena filan'ny mponina, hisy koa ny fijerena manokana ny fitsinjarana ireo tetikasa araka ny zavatra iainana sy laharam-pahamehana eny anivon'ny Distrika tsirairay avy.

Fantatra fa nisy ny fandaminana napetraky ny Governemanta. Tsy eto Antananarivo tahaka ny nahazatra antsika tany aloha intsony ny tsenam-baro-panjakana amin'izao fotoana izao, fa efa any anivon'ny Distrika no andaminana azy. Noho izany, ny ezaka natao dia tamin'ny alalan'ny politikan'ny fanapariaham-pahefana na ny "décentralisation". Mikasika ny famitana sy fampitaovana ny fotodrafitrasa vaovao natomboka tamin'ny taona 2019 izany, indrindra amin'ny lafiny ara-tsosialy. Ohatra, ny fampianarana, ny toeram-panofanana, ny toeram-pitsaboana, ny toerana fanaovana fanatanjahantena.

Mikasika ny tantsoroka ho an'ny fampiasana ny vola ara-kajy mirindra ireo tetikasam-panjakana ireo. Toy ny fanatsarana ny fiarovana ny olona sy ny fananany, ny fametrahana ny rafitra hahatonga ho maimaim-poana ny fanabeazana fototra sy ny fitsaboana vonjy taitra hatrany amin'ny Distrika.

Farany, ho fanamafisana ny hery entina miatrika ny fahasahiranana eo amin'ny lafiny ara-toekarena sy sosialy dia anisan'ny laharam-pahamehan'ny Governemanta koa ny miady amin'ny tsy fitovian-tsaranga sy ny herisetra atao amin'ny vehivavy sy amin'ny ankizy. Indrisy, miroborobo ankehitriny ny resaka "viol" atao amin'ny ankizy ity. Mampalahelo ny mahita izany. Ezaka manokana ankehitriny no ataon'ny Filohampirenena sy ny Governemanta hanamelohana ireo olona manao herisetra manahiran-tsaina izany. Tsy milefitra amin'izany ny Governemanta ankehitriny.

Ny fisian'ny valan'aretina "Covid-19" sy ny Kere any amin'ny Faritra Atsimon'i Madagasikara dia nanamafy ny finavian'ny Governemanta hametraka ny endrika tsara kokoa ho an'ny fitantanana ireo tandindonin-doza. Hamafisina amin'ny alalan'ny tohana omen'ny fanjakana ho an'ny sehatra tsy miankina ny famoronana asa vaovao, indrindra any amin'ireny faritra sahirana ireny. Tsy ho vitan'ny fanomezana fanampiana ara-bola fotsiny, fa tsy maintsy misy famoronana asa amin'ireny faritra ireny amin'izay mba mety ho tony ny ady amin'ny Kere sy ny mosary any Atsimo amin'izay fotoana izay.

Ankoatr'izay, ny Tetibolam-panjakana taona 2021 dia manome toky amin'ny fampanarahandalàna ny asa fihariana rehetra mba hananana loharanom-bola ampy hiantohana ny fanarenana ny toekarena.

Izay, Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena; Ianareo mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra sy ny Filohan'ny Kaomisiona; Ianareo Solombavambahoaka; Ianareo mpiara-miasa eo anivon'ny Minisitera no sasin-teny nentiko mba ahafahantsika avy hatrany mahatsapa ny lalana halehantsika sy ny dingana tsy maintsy ataontsika miaraka.

Averiko ihany fa maro ny "incertitude" tsy fantatsika kanefa raha miara-misalahy isika, raha tsy variana amin'ny adilahy politika fotsiny isika, raha tsy manadino ny tombotsoan'ny vahoaka isika, raha hiverina hanohy ny ezaka efa nataontsika hatramin'ny taona 2019,

amin'ity taona ity sy amin'ny taona ho avy; raha tohizantsika izany ezaka rehetra izany, mino sy manantena isika fa ho resintsika ny fahantrana, ny "Covid-19", ny fahakiviana ary tsy maintsy handroso hatrany i Madagasikara mamintsika.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Ramatoa FILOHA

Isaorantsika Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola, tamin'ny famelabelarana ankapobeny izay nataony teo izay.

Araka ny nambara teo ampiandohana, fanazavana ankapobeny tokoa no atao izao maraina izao. Tsy hisy ny adihevitra antsipiriany satria mbola handalo asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity anio tolak'andro. Mbola hitohy koa izany amin'ny herinandro miditra iny.

Tompokolahy sy Tompokovavy, maneho fisaorana etoana izahay, Andriamatoa Minisitry, mpikambana ao amin'ny Governemanta. Isaorana koa ireo teknisiana mpiara-dia aminao.

- 4 -

- **Fiatoan'ny fivoriana** -

Ramatoa FILOHA

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, tiako ny mampahafantatra antsika fa anio tolak'andro, amin'ny 3 ora, hisy ny fivorian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, hiasa handinika ity Volavolan-dalàna laharana faha-016/2020 tamin'ny 30 Oktobra 2020 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2021 ity. Hatao ao amin'ny "Salle BP" eto Tsimbazaza izany. Ny Alatsinainy 23 Novambra 2020 ka hatramin'ny Alakamisy 26 Novambra 2020 kosa mbola hisy ny asam-baomiera mikasika ny Volavolan-dalàna voalaza etsy ambony, izay tarihin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Teti-pivoarana ary ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana, hatao ao amin'ny "Salle BP" eto Tsimbazaza hatrany no hanaovana izany. Marihana fa iarahana amin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Vola izany asam-baomiera hotontosaina izany.

Koa manentana antsika mba samy havitrika amin'ny fanatrehana ny asam-baomiera.

Miato hatreo ny fivoriantika.

Misaotra Tompokolahy sy Tompokovavy.

Misaotra an'Andriamatoa Minisitry sy ireo teknisiana miaraka aminao.

Satroka, tsy misy fametrahana fanontaniana, fa hofaranana ny fotoana.

Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
Misaotra, Ramatoa Filoha.

Tsy hametraka fanontaniana fa niteny ny Minisitra hoe: hanazava mikasika ny fadintseranana. Ohatra ny naheno kely an'izay aho sa tsy hitondra fanazavana amin'ny antsipiriany, sa any amin'ny asam-baomiera ve vao halefa izany?

Misaotra Tompoko.

Ramatoa FILOHA

Any amin'ny asam-baomiera vao mamaly ny antsipiriany rehetra fa androany dia natao ho famelabelarana amin'ny ankapobeny fotsiny; karazany famelabelarana amin'ny sasin-teny. "Synthèse générale" no natao teto, fa amin'ny manaraka; any amin'ny asam-baomiera afaka mametraka fanontaniana amin'ny antsipiriany.

Miato hatreto ny fivoriansika.

Mankasitraka Tompokolahy.

Mankatelina Tompokovavy.

- Lakolosy -

Niato tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona